
# 365Tantara

06. Efa voaefa ny zava-drehetra nefa… toa feno alahelo!



# 06.Efa voaefa ny zava-drehetra nefa… toa feno alahelo!


Fiadanana! Ny tantarantsika anio dia mitondra ny lohateny hoe: Efa voaloha ny zava-drehetra nefa… toa feno alahelo!

Nisy tovolahy iray niomana hahazo ny diplaoma mamarana ny fianarany ho mpandidy.



Nandritry ny volana maro, dia nitsiriritra fiara haingam-pandeha iray tsara tarehy natao fampisehoana tao am-pivarotana fiarakodia iray izy, fantany fa ny rainy dia afaka mividy izany ho azy mora foana.

Ary nataony ho fantany fa io no mba tiany ho fanomezana ho azy noho ny fahavitany ny fianarany.



Rehefa nanakaiky ny andron'ny fanolorana ny fankasitrahana dia nanantena ilay tovolahy fa hahita famantarana fa efa novidin'ny rainy ilay fiara.

Rehefa tonga ilay andro nandrasana dia nampanantsoin'ny rainy tao amin'ny birao izy mba hilazany ny hafaliany noho ny

fananany zanaka mahay sy mahafinaritra ary koa ny hilazany ny halebiazan'ny fitiavany azy.

Rehefa tafahaona dia nanolotra azy fanomezana iray mifono ilay rainy.

Diso fanantenana ilay tovolahy rehefa nanokatra izany satria baiboly tsara tarehy mifono hoditra mainty no tao.



Tezitra mafy ilay tovolahy ary nanandratra ny feony tamin'ny rainy ka nanao hoe : ianao ve manakarem-be, dia baiboly fotsiny ve no atolotrao ahy ?

Nakaratony ny varavarana, nivoaka ny trano izy, navelany tany ivohony ilay baiboly masina.



Taona maro aty aoriana dia niatrika fisendrana be ilay tovolahy, nanomboka tamin'ny nanokafany toeram-pitsaboana iray izay vetivety dia tsy nahomby, avy eo nanokatra iray hafa fa voafitaky ny mpiara miasa aminy. Kivy sy ketraka izy no nahatadidy fa raha afaka mahazo ny torohevitry rainy dia tsy tonga tamin'izao toe-javatra izao mihitsy… Namidy tamin'ny lavanty ny zavatra rehetra ary mbola misy trosa an-tapitrisa mbola tsy voaloa.

Nandao azy koa ny vadiny ary lasa olona mahantra fadiranovana izy. Teo no nahatsiarovany ny rainy izay efa lasa antitra be. Ary nanao anakampo hoe mila mandeha mijery azy, izay tsy nifankahita taminy hatramin'ilay andro nahazoany ilay fanomezana tsy nankasitrahany. Fa taloha kelin'ny nandehanany, dia naharay telegrama izy nilaza taminy fa vao maty ny rainy ary namela ny harenany rehetra ho an'ny zanany. Dia niainga avy hatrany izy hikarakara ny lovany.



Rehefa tonga tao an-tranon’ny rainy izy, dia feno alahelo sy ne-nina ny fony. Teo ampisavana ny taratasy momba ny raharaha lehiben’ ny rainy, dia nahita ilay baiboly izy, tamin’ilay tamin’ilay toerana izay namelany azy mihitsy efa taona maro lasa izay … Nigogogo nitomany izy, nanokatra ny baiboly sy namadibadika ny pejy. Ary, raha namaky izy, dia nisy lakilen’ny fiara nilatsaka avy tamin’ny valopy izay nipetaka tamin’ ivohon'ilay baiboly. Ta-min’ilay lakile dia nisy etikety niaraka tamin’ny anaran’ilay mpi-varotra fiarakodia, nitovy tamin’ny anaran’ilay mpivarotra fiara haigam-pandeha tsara tarehy izay niriny mafy ho azony, ary teo amin’ny etikety nisoratra ny datin’ny andro nanolorana ny di-plaomany, sy ny teny hoe: Efa voaefa ny zavatra rehetra!

Andriamanitra tsy miseho arak’izay tiantsika, fa arak’izay tiany hisehoany amintsika, sy izay tiany hisehoana aminao!

Ary efa voavidiny teo amin’ny hazo fijaliana avokoa ny zavatra rehetra!

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Michel Milunovic. Nanatanteraka i Jordan Bauriey. www.365histoires.com Paris. Frantsa